

# Mamera Guglielmina Remotti, “iray amin’ireo andry voalohany sy mafy orina tao amin’ny Fikambanan'ny Fitiavana”.

Iza moa i Guglielmina Remotti? - Teraka tao Sale (Al – Italie) tamin'ny 15 septambra 1881 izy, Maria Antonia Giacobone no reniny ary Giacomo Remotti no rainy. Natao batemy tamin’ny 19 septambra 1881 tao amin’ny paroasy Md Joany Batista. Tsy nanoratra firy ny momba azy manokana izy, fa ny nahafantarana azy dia ny fijoroana ho vavolombelona nataon’i Don A. Boccio sy ireo Masera voalohany ary hita tao amin'ireo verbaly mitantara ny dingana nolalovan’ny Fikambanana tany am-piandohana. Nindaosin’ny fahafatesana ny renin’i Guglielmina raha vao telo taona monja izy ary ny zandriny kely kosa vao iray volana mahery tamin'zay.
Samy nankinina tamin’ny havany izy roa kely. Izany toe-javatra izany dia nanakana azy tsy hanohy ny fianarana ambaratonga ambony, na izany aza dia nanan-pahendrena sy natanjaka ara-panahy tokoa izy - ka nahavita nampianan-tena ary nanana fahaizana amam-pahalalana fototra no sady nahavoafehy tsara ny kolontsaina.

Dimy taona taty aoriana dia nanambady indray ny rainy ary ny reniny faharoa, Margherita Massardo, dia tena nanana fon-dreny marina tokoa. Nonina tao amin’ny trano kely naorin’i Giacomo Remotti tao amin’ny làlana Giacomini ao Sale izy ireo. Tao ihany koa no toerana nahafatesan'ny rainy Giacomo tamin’ny fahavaratra taona 1923.
Vehivavy be herim-po sy niasa mafy tokoa i Guglielmina na dia teo aza ny fahosany amin’ny zavatra sasany. Teo ambany fitarihan'i Mama Margherita, no nanombohany nanangana orin’asa fanenomana tao an-trano, ary nahatarika zatovovavy niasa, niisa hatramin’ny roapolo io orin'asa io. Nasehony tamin’izany ny fahaiza-mamorona sy ny hatsaran'ny zava-bita, ka izany niantsoin’ny mpianany azy hoe: “teraka ho mpanankato, manana ny hatsarana rehetra”.

Ny fanjaitra no toy ny borosin-doko nampiasainy isan’andro tao amin’ny toerana fiasany: tamin’izany no nahavitany sangan'asa, petakofehy tsara, nampianariny an'ireo tanora tao, izany haikanto izany, mba ho fiveloman'izy ireo rahatrizay.
Nampita fahalalana tamim-pahatsorana tamin'ny mpianany i Guglielmina; tanora voaofana tsara amin'ny maha vehivavy kristianina no nivoaka avy ao sady manana saina misokatra sy fahaiza-manao “broderie”. Ny sasany tamin’izy ireo, taty aoriana dia nanaraka azy, nisafidy ny fiainan-drelijiozy.

Raha mbola tany am-bava ady i Don Amilcare Boccio, tamin’ny 1919, i Guglielmina Remotti kosa nikarakara ny fihaonana voalohany tamin’ireo zatovovavy tao Sale, izay liana tamin’ny “vavaka firaisana amin’Andriamanitra”. Vavaka noforonina sy naparitak'i Don Boccio, izay nahafantatra ny finoan'i Guglielmina sy ny fanoloran-tenany ho amin'ny fiainana Kristiana, ka nangataka azy ho mpiara-miombon’antoka amin’ny fanorenana ilay fikambanana vaovao. Taorian'ny fandinihana sy vavaka lalina, dia nanaiky i Guglielmina, namaly “eny” amin’ny antson’ny Tompo hanangana ilay fikambanan’i Masera Zanakavavikelin’ny Fo Masin’i Jesoa. Natolony ho fonenana voalohany ny tranony, antsoina hoe: “Betlehema kely”, nanana izay ilaina izy ireo tao fa ny tena zava-dehibe dia ny faniriany hanolotra tanteraka ny fiainany mba hahalala sy hampahalala; hitia sy hampitia ny Fo Masin’i Jesoa.

Taorian'ny 25 Martsa 1924, andro niorenan’ny Fikambanana, dia voatendry avy hatrany ho lehiben’ny Fikambanana i mamera Guglielmina, andraikitra notanterahiny nandritra ny telopolo taona mahery.
Nitarika ireo masera tamin’ny halemem-panahy sy faherezana, nanome ohatra mazava amin’ny finoana sy ny fitiava-namana am-pahavitrihana.
Tao anaty asa mafy no nanofanany an'ireo masera, fa kosa voamariky ny fahanginana ary nisy fahombiazana,

Raha i Jesoa ary no modely dia ny tsirairay no miezaka haka tahaka azy na amin'ny hevitra, na amin'ny teny, na amin'ny atao. Ka izany no mahatonga ny Eokaristia ao amin'ny lasapelin'ny trano ho ivon'ny fiainam-panahy hatramin'ny nahatongavany tao ny 22 janoary 1925. Ankoatra ny Sorona Masina isan'andro dia nomena lanja lehibe ihany koa ny fitsaohana ny Sakramenta Masina eo ambony otely mandritra ny andro, natao izany mba ho asa fanonerana; ary najaina tamin'ny fomba hentitra ny fifandimbiasana amin'ny mitsaohana masina. Hita tao amin'ny diary aza fa nohalavaina hatramin'ny alina ny fotoana fitsaohana ary noezahina natao isan'ora ny litanian’ny Fo Masinn’i Jesoa.

Rehefa nisy fahasoavana nilaina maika dia ny vavaka no hany hery tokan'ny fitalahoana ahazoana izany.
Mamera Guglielmina dia nifandray tamin’ireo masera na tamin’ny alalan’ny fihaonana amin'ny tsirairay, na valandresaka, ary taty aoriana dia tamin'ny alalan'ny fandefasana taratasy na hafatra fohy araka ny fotoana maha-mety azy ho an'ireo izay mila an'izany.
Ny fampianarany dia voatsilon'ny finoana no sady feno torohevitra azo ampiharina amin’ny fiainana andavan’andro ka tokony ho tonga asa fitiava-namana tsy tambo isaina mba hitarihina ny olona amin'ny lalan'ny fitokisana, izay mametraka ny Fo Masin’i Jesoa ho tanjona Ireo masera voalohany dia niaina isan’andro ny fitokisana tanteraka ny fiahin’Andriamanitra azy ireo, azo porofoina amin'ny fomba sy tranga amin'arivony izany.

Ankohatra ny vavaka sy ny asa, dia nisy fotoana fialam-boly izay manala ny hasasaran'ny saina sy manova ho lasa fihomehezana ireo fahasahiranana tsy azo ihodivirana amin'ny fiaraha-miaina. Mamangy ny ankohonam-piainana indray mandeha isan-kerinandro i Don Boccio, nampahafantarin'izy ireo tsy tapaka azy ny zava-nitranga rehetra. Bisikileta no ampiasainy avy any Stazzano ka sempotra mihintsy izy vao tonga any Sale.

Ankoatra ny fiofanana ara-panahy ataon'ireo masera dia nanantitrantitra mafy mikasika ny fitondran-tena "Galateo" (fahaiza-miaina) izay nalaza tamin'izany fotoana izany i mamera Guglielmina, notakiany izany mba ahafahan'ireo masera hihaona amin'ny olona rehetra isan-karazany amin'ny fomba mendrika rehefa eo am-panantanterahana ny iraka. Asa iray lehibe hafa nataony ihany koa ny fitadiavana loharanom-bola hanohanana ny fiveloman'ireo Masera izay nihamaro isa hatrany. Nohamafisina ny laboratoara fikarakarana landy, ary nanomboka nivarotra akorandandy, araka ny fanao tao an-tanàna izy ireo. Tsy notsinotsinoavina anefa ny asa fanompoana tao amin'ny paroasy; natsaraina ny fandaminana ny fampianarana fandalinam-pinoana sy ireo vovonana katolika isan-tsokajiny, ary nalefa hanaraka fihofanana ho mpitsabo mpanampy ireo masera sasany mba ahafahana hikarakara ireo marary any an-tokatrano.

Nomen'i Mamera Guglielmina tanteraka ho an'ny Fikambanana ny tenany manontolo: ny fanahiny, ny saina, ny fony, ny fahaizany, ny sitrapony, ny heriny, ny tranony… Tsy nandà na inona na inona tamin'Andriamanitra izy, na dia niha-navesatra aza ny hazo fijaliany; na dia namaivay aza ny fitsapana nahazo azy dia tsy nasehony teo ivelany mihintsy izay fijaliana tao anatiny; nitoetra mandrakariva kosa ny fahavononany mihaino, mampionona, mankahery sy fitondrana fanantenana.

Ny finoany nananany no fototry ny tsy fivadihany, fitokisany, fiankinam-po, ary fiombonany lalina tamin'Andriamanitra. Tanteraka ny fangatahan'ny Don Boccio manao hoe: "ny fibanjinana aloha vao atrik'asa". Ny fivavahana no apostolà tsy maintsy nampianariny voalohany an'ireo masera, vavaka ateraky ny fahanginana sy fitombenan-tsaina mba ahafahana miaina ny fiombonana lalina amin'Andriamanitra.

Ny fitiavan-dreny no nitarika an'ny mamera hamangy matetika ireo zanany any amin'ny toerana iasany avy any. Fety mandrakariva no nisy tany amin'ireo ankohonam-piainana notsidihiny, fihaonana nandrasana ary niainana tao anaty fifankatiavana tokoa. Tsy nisy nidify taminy ny zava-nitranga niainan'ireo masera ary naporisihiny hanaraka ny lalana tsara izy ireo; nentaniny ihany koa mba hanao izay tratry ny hery amin'ny fikarakarana an'ireo olona nankinina amin'ny ankohonam-piainana ary hiara-miasa amim-pahavononana sy

an-kafaliana amin'ny pretra.  Niriny ho tonga olomasina sy tsy hivadika amin'ny fiantsoana azy ny masera tsirairay avy, ho samy lasa tara-pahazavan'ny Fiangonana.

Izany rehetra izany no niainany mandra-pahatapitry ny diany teto an-tany: noho ny fanoloran-tena tanteraka izay nampiavaka azy, dia tonga ilay fotoana nihaonany tamin'ilay mpampakatra izay nandrasany fatratra sy efa niriny hatramin'ny ny ela ary nanolotra indray ny tenany ho an'ny Fiangonana sy ny Fikambanana izy. Ny "Magnificat", tononkira fiderana sy fankasitrahana noho ny fahagagana nataon'Andriamanitra ho an'izay matoky Azy tanteraka no nohirainy farany, tsy mba naka na oviana na oviana ny fanomezana izay efa natolony, indray mandeha monja, ho an'ny Fo Masina izy.
Tamin'ny 8 Martsa 1966, teo amin'ny faha-85 taonany, dia nodimandry am-piadanana tany amin'ny Ray i mamera Guglielmina, taorian'ny nanamafisany indray, teo amin'ny fandriana nahafatesany, ny toetra idealin'ny Zanakavavikely, izay tao ampon'izy sy ny Mpanorina mandrakariva manao hoe:
"…Ho anareo tanteraka aho! indrindra fa amin'izao andro farany izao izay mahatonga ahy hahatsapa bebe kokoa ny hamafin'ny fitiavako! tsy hamela anareo ho kamboty anefa aho.
aoka ho masina ianareo, hamirapiratra ho an'ny Eglizy Masina, miombòna am-pitiavana amin'ny Fikambanantsika! Tsy azo hozongozonina nefa mahay mihafy, misokatra nefa malina, mangina fa kosa mahery miasa, malala-po, vonona hatrany amin'izay ilaina ho famonjena fanahy: toy izany sy toy izany, hatrany am-boalohany! Manome tso-drano ho anareo rehetra aho…".

Tsy hitan'i Don Boccio ny teny sy fomba mahalaza tanteraka ny momba an'ny mamera Guglielmina, fa nofaritany hoe: "Andry voalohany sady mafy orina  ho an'ny fikambanan'ny Fitiavana izy".